



Iray volan'ny Teny malagasy 2026 :
« Teny malagasy : manavao, mampiray antsika »
Fifaninanana « fanabeazam-boho ny teny »

Ho **Fankalazana ny Iray volan'ny Teny malagasy**, ny Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy miaraka amin'ny Akademia Malagasy, dia mikarakara **fifaninanana « fanabeazam-boho ny teny malagasy »**.

Tsy vitsy ankehitriny ireo voambolana ampiasaintsika Malagasy andavanandro, na izy ireny voambolana amin'ny teny vahiny (ohatra : tsy misy *réseau*) na teny ampiasaina saingy tsy mbola miaty tanteraka anatin'ny teny malagasy. Velona sy mivoatra tahaka ny tenim-pirenena rehetra ny teny malagasy ka ny fampiasana an'ireny voambolana indrana mbamin'ny voambolam-bao ireny dia tsy voatery hanabe voho ny teny malagasy fa mety ho fositra hanimba azy ihany koa. Koa ho fanabeazam-boho ny teny malagasy àry no anaingana antsika handray anjara amin'ity fifaninanana « **fanabeazam-boho ny teny malagasy** » ity.

Fepetra amin'ny fifaninanana:

1. Manomeza teny na andian-teny malagasy mahalaza ny tsirairay avy amin'ireto teny sy andian-teny fampiasan'ny olona amin'ny andavanandro eny amin'ny fiarahamonina ireto : **mi-vibre, ataovy sérieux, tsy misy réseau, tsy poinsa, bizina, sôsy, mikôzy, advà, papozy, omeo sopapa, bipeo.**
2. Manomeza teny na fiteny malagasy azo ilazana an'ireto teny na andian-teny ireto ka lazao mazava ny faritra sy/na ny foko mampiasa an'izay voambolana na andian-teny arosonao (raha azo atao, tsara raha atao anaty fafana ny fitanisana) : **môla, do, bokala, kabeso, reñala, kivà, lamosina, tamiana, jaboady, angezoka, volondôha, angofa, apemby, teña, seliky**
3. Na ho an'ny andininy 1 na ho an'ny andininy 2, arakaraka ny isan'ny voambolana na andian-teny atolotry ny mpifaninana no hanomezana isa azy.
4. Mahazo mandray anjara amin'ny fifaninanana avokoa ny sokajin'olona sy sokajin-taona rehetra.
5. Tsy asiana ny anaran'ny mpandray anjara na marika hamantarana azy ny lahatsoratra.
6. Valopy roa no ampiasaina, valopy lehibe sy valopy kely :
Atsofoka ao amin'ilay valopy lehibe ny lahatsoratra. Ilay valopy kely kosa asiana ny taratasy mirakitra ny mombamomba ny mpifaninana : Anarana feno – Asa atao – Taona – Adiresy feno sy mazava – Laharan-telefaonina .
Hidina tsara ilay valopy kely, tsy asiana soratra eo ivelany ary atsofoka ao anatin'ny valopy lehibe.
7. Alefa paositra na aterin-tanana amin'ity adiresy manaraka ity :
Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy
Tahala Rarihasina Analakely
(Rihana faharoa)
45 – 47 Lalana 26 Jona 1960
101 Antananarivo
8. Misokatra ny alatsinainy 1 jona 2026 ny fandraisana ny taratasy fandraisana anjara ary mifarana ny zoma 31 jolay 2026 amin'ny 3 ora sy sasany folakandro. Ho an'izay mandefa paositra dia ny fitomboky ny paositra no hanamarinana izany.
9. Hisy loka hozaraina ho an'ireo mpifaninana telo voalohany mendrika indrindra .
10. Raha mila fanazavana fanampiny dia manatona ny Foibe momba ny Teny an'ny Akademia Malagasy, Tahala Rarihasina Analakely, rihana faharoa.